# TARIDALANA

# SERASERA TILY





www.scout.mg
tily@scout.mg

**Hodidina ivelaran'ny serasera Tily.......................................................... 4**
Priorité Stratégique "Vision 2023"........................................................... 4
Stratégie de Communication et d'engagements stratégiques.................. 4
"Informer n'est pas communiquer"........................................................... 4
GSAT 05 - Serasera, adisisika ary fijerin'ny fiarahamonina....................... 5
**Iza no manao ny serasera Tily ?.............................................................6**
Ny Departemanta Serasera (DSS)............................................................6
Ny Mi-Tily Serasera....................................................................................6
Ny rehetra.................................................................................................. 6
**Politika nasionaly serasera Tily.............................................................. 7**
Antom-pisian'ny serasera Tily.................................................................. 7
Fomba fanehoana ny Tily..........................................................................9
Fomba fifantenana sary (SAY : Scout + Miasa/milalao + Tanora)...........11
Fifandraisana amin'ny mpanao gazety.................................................. 12
Fampiasana ny mari-pamantarana......................................................... 13
Fitantanana ny serasera amin'ny internet.............................................. 14
**Sehatr'asa maha-DSS.............................................................................17**
**Checklist fifamindrana andraikitra maha-DSS........................................... 24**
**Sehatra ahafahana manamafy traikefa................................................... 26**
Fahalalana............................................................................................... 26
Fahaiza-manao........................................................................................ 27
Toe-tsaina enti-miasa................................................................................28

ITY BOKY KELY ITY DIA AN'I


..........................................................................................................
..............................

Avy any amin'ny faritany

..........................................................................................................
..............................


Mey 2024

# Hodidina ivelaran'ny serasera Tily





## Priorité Stratégique "Vision 2023"

Isan'ny manana anjara toerana nianteherana manokana ao anatin'ny Paikady laharampahamehan'ny skotisma ny Serasera, hahatratrarana ny tanjona hampiroboroboana ny skotisma manerantany.




## Stratégie de Communication et d'engagements stratégiques

Isan'ny mampatanjaka antsika dia noho isika tsy mandeha irery fa ao anaty fianakaviambe manerantany. Mifanaraka amin'izany ny paikady arahintsika amin'ny lafiny serasera dia misy ampahany betsaka niainga avy amin'ny paikady serasera iraisan'ny skotisma manerantany, ary nampifanarahana amin'ny zava-misy eto Madagasikara.



## *"Informer n'est pas communiquer"*

Misy karazany maro ny fomba fijery sy fomba fampiharana ny asa mahakasika ny serasera. Ny lalan-tsaina nofidiana hanorenana ny fanaovana serasera ho an'ny Tily eto Madagasikara dia ny fomba fijery mametraka fa mila fifanakalozana ny serasera ary tsy vita mionona amin'ny hoe fampitam-baovao fotsiny, tsy misy intsony ny hoe mpandefa fotsiny sy mijanona ho mpihaino fotsiny fa misy fifampihainoana/fifandresen-dahatra mila atao.

<u>Référence</u> : Wolton, Dominique. Informer n'est pas communiquer. CNRS, 2009.

## GSAT 05 - Serasera, adisisika ary fijerin'ny fiarahamonina

Misy fenitra iraisam-pirenena arahina ny fanaovana skoto sy ny lenta takiana amin'ny fikambanana skoto, mba hitazomana sy hampiakarana hatrany ny lentan'ny fanabeazana miantraika any amin'ny tanora. Miainga amin'ny traikefa sy lesona notsoahin'ny firenena maro (anisan'izany i Madagasikara) no nandrafetana azy. Io fenitra iraisam-pirenena iraisan'ny fikambanana skoto eo anivon'ny OMMS io no antsoina hoe GSAT. Isan'ny sehatra voadinika manokana ao amin'ny GSAT ny Serasera (GSAT 05xx), ka ireto avy no fenitra fara-fahakeliny mila tratrarina raha te hanolotra serasera mendrika ny lentan'ny skotisma.

| GSAT Version 3.0 (Juin 2023) | |
|---|---|
| **0501** | Mila manana tatitra isan-taona afaka vakian'izay mila azy. |
| **0502** | Voarakitra sy voatahiry avokoa ny PV fivoriana rehetra, ahitana ny lahadinika sy ny fehin-kevitra tapaka, ary afaka vakian'izay tandrify azy avy. |
| **0503** | Mila manana paikady serasera mazava, ary mampiasa fitaovana mifanaraka amin'izany. Havaozina matetika io paikady io. |
| **0504** | Mila manana paikady serasera hiatrehana krizy, mifanaraka sy mifamatotra amin'ny politika fiatrehana hamehana, sy procedure SFH. Havaozina matetika io paikady io. |
| **0505** | Mila manana paikady hahafahana miara-miasa akaiky amin'ny mpiaramiombon'antoka sy fiarahamonim-pirenena, ary ny rafitra izay mety hifameno amin'ny skotisma. |
| **0506** | Tokony ho mpandray anjara mavitrika amin'ny rafi-pirenena misahana ny tanora ny fikambanana skoto raha misy izany. |
| **0507** | Mila mandray anjara sy mifandray akaiky amin'ireo rafitra mpanapa-kevitra eo amin'ny firenena ny fikambanana skoto, ary tokony efa manana ireo lohahevitra laharam-pahamehany hanaovana adisisika. |
| **0508** | Mila mamaritra sy mametraka fomba fiasa hitsirihana, hanendrena, hanomanana, ary hanohanana tanora hisolo tena ny skotisma amin'ny sehatra nasionaly. |

# Iza no manao ny serasera Tily ?

## Ny Departemanta Serasera (DSS)

Ny Departemanta Serasera no **tompon'andraikitra adinina** (*redevable*) amin'ny vokatra ara-tserasera rehetra mifamezivezy ao amin'ny Faritany (na nasionaly). Izy no mitarika ny fampiharana sy fiarovana ny lentan'ny serasera, manohana ny departemanta hafa sy ny fivondronana (ho an'ny DSS Faritany) amin'ny fampiharana araka ny tokony ho izy ny Politika Nasionaly Serasera. Tsy tokony ho heno avy amin'ny ekipa DSS mihitsy araka izany ny hoe "*ka satria tsy izahay no nanao an'io*" rehefa misy vokatra serasera miparitaka.

Tsy mpanao gazety ny DSS, tsy mpitantara vaovao, tsy mpanaingonaingo fotsiny, fa mpandray anjara feno amin'ny fampiroboroboana ny Tily eto Madagasikara sy ny skotisma. Manakaiky kokoa ny asan'ny *Chargé de Communication* ny asan'ny DSS.

## Ny Mi-Tily Serasera

Ny Mi-Tily Serasera dia mpirotsaka an-tsitrapo miara-miasa akaiky amin'ireo DSS eo anivon'ny faritany na Foibe. Sehatra ahafahana mampitombo talenta sy hifanakalozana ny Mi-Tily sera² ary raha misy fanararaotra ahafahana mampiasa izany talenta izany miainga amin'ny filàn'ny fikambanana dia omena sehatra hampiharana mialoha ny rehetra ny Mi-Tily Sera².

Tily ampy taona (18 taona no miakatra), mpikambana ara-dalàna (manana FAFI), misehatra na mpianatra momba ny serasera, na liana sy maniry hitrandraka talenta momba ny serasera. Anjaran'ny tsirairay ny mampahafantatra ny rafitra misy azy sy mandamina ny fotoana sy ny andraikiny.

Mitsinjara isaky ny sokajin'asa ny sehatra ivelaran'ny Mi-Tily Sera² (mety hitombo sy hivoatra araka ny zava-misy) : sary, horonantsary, soratra, kisaritao, mpandikateny …Malalaka ny faritany hampifanaraka ireo sokajin'asa ireo araka ny zava-misy ao amin'ny faritany.

## Ny rehetra

Ny olombelona rehetra dia miserasera avokoa. Araka izany dia manana anjara amin'ny serasera tily avokoa ny tsirairay, na inona na inona andraikiny sy anjara birikiny. Manana adidy isika hifanatona amin'ny Departemanta Serasera maka hevitra sy maka izay fanohanana mety ilaina amin'ny fampiharana ny serasera tily araka ny tokony ho izy.
Mba ho **IRAY FEO** isika rehetra.

# Politika nasionaly serasera Tily

## Antom-pisian'ny serasera Tily

**Handresy lahatra** ny fiaraha-monina ny skotisma/Tily no **hetsi-panabeazana matanjaka indrindra**, ho an'ny tanora. Sady mitondra fiantraikany tsara ho an'ny fiarahamonina.

## Ahoana no ahafantarana fa mamokatra ny serasera ataontsika ?

- **Manaiky ny fiaraha-monina** amin'ny sehatra hiasan'ise fa matanjaka, azo hianteherana, ary manabe sy mitondra voka-tsoa amin'ny fiaraha-monina ny Tily eto Madagasikara. (portée/image de marque)
- **Mitovy feo** ny Tily rehetra sy ny mpiara-miombona antoka (ray aman-dreny, fiangonana, mpanohana, mpanao gazety, …) ao amin'ny sehatra iasan'ise rehefa miresaka momba ny Tily, ary maneho azy araka ny endrika sy ny famaritana tsara sy araka ny tokony ho izy
- Mitombo ireo (1) **te hiara-hiasa/hanohana** ny Tily sy/na (2) te hanome sehatra ahafahan'ny Tily mitondra voka-tsoa amin'ny fiaraha-monina.

> *"Positionner le Scoutisme en tant que principal mouvement éducatif de jeunes [...] Construction de la reconnaissance et de la marque du Scoutisme en tant que mouvement mondial, plutôt qu'en tant qu'organisation."*
>
> - Faire reconnaître la valeur du scoutisme
> - Faire parler avec justesse et positivement du scoutisme
> - Faire soutenir le scoutisme
>
> *(Politika serasera OMMS, 2017)*

## Ahoana no hahatratrarantsika io tanjona io?

Zava-misy mila tsaroana

- **P1**. Ho an'ny olona ivelany, mitovy lasitra rehefa manao fehitenda -> miankina koa amin'ny ataon'ny fikambanana skoto hafa (Antily, Kiady, Mpanazava, Fanilo), sy ireo fikambanana tanora hafa (JA, MIM, KiMpi, Royal Rangers, Mpitily, …) ny fijerin'ny fiarahamonina antsika
- **P2**. Ny firafitra sy fiaimpiainan'ny Tily dia tsy ahafahantsika mametra ny serasera ataontsika ho tena "mihidy" tanteraka, na dia ny serasera anatiny aza (tsy misy hoe serasera anatiny fotsiny)
- **P3**. Voafetra ny eo am-pelatanantsika (olona, vola, fitaovana)

## Inona sy amin'ny endrika inona avy no tsara ho zaraina ?

Tsy voatery ho filazam-baovao ihany no vokatra serasera ketrehan'ny DSS fa mila mikaroka fomba mivaoatra sy manintona koa.

Ireto misy ohatra vitsivitsy fa maro no azo trandrahina sy foronina :

**Tanisa :** Fitanisana antony na zava-misy momba lohahevitra iray, miampy fanazavana fohy an'ireo endrika tsirairay notanisaina.
Ohatra : Antony 10 mety handrisika an'ise ho mpiandraikitra Tily

**Fijoroana vavolombelona** : Mifototra amina fitantarana ataon'olona iray na maromaro ny vokatra avoaka. Izany hoe ny ankamaroan'ny lahatsoratra dia mety ho fehezanteny taterina anaty "..." sy/na mampiasa ny "izaho", "aho", "ahy", "anay", "izahay" (narration 1ere personne)
Ohatra : Skoto mavitrika no nanombohany ka lasa vehivavy mpitarika

**Torohevitra** : Fizarana fanazavana sy torohevitra momba lohahevitra iray.
Fanamarihana: manana adidy isika hifantina sy hanamarina ny torohevitra rehetra zaraintsika. Ary tsy maintsy tononina ny loharano nanovozan-kevitra. Ohatra: Ahoana no mety hisafidianana toerana hilasiana ? Sopapa vitsivitsy

Ohatra hanitaran-tsaina ihany ireo fa misy karazany maro hafa azo trandrahina.

scout.mg concept-note FAQ.docx

## Fomba fanehoana ny Tily

| **Amporisihana kokoa ✔** | **Ahena / fadiana [X]** |
|---|---|
| **Voambolana** | |
| “Ny Tily eto Madagasikara” (rafitra), “ny tily” (ilay beazina, mpanabe, …), “Ny skotisma Tily”, “Ny fanabeazana Tily”, ... | “Fikambanana”, “mpikambana”, “Fikambanana Tily”, ... |
| **Sary (jereo ery ambany ny andinindininy)** | |
| Beazina, misy marika maha-skoto<br>Ankalamanjana<br>milalao, miasa, mifaly<br>Tena izy | Olon-dehibe mikabary, sary tsy misy olona, tsy ahitana marika skoto<br>Anaty efitrano, ambony dabilio/latabatra<br>Mipetra-potsiny, mihainohaino, mitangorona<br>Mi-paozy, Namboarina (ohatra: loko tsy ara-boajanahary, misy singa napetaka) |
| **Fomba firesaka anaty serasera / Fomba fanoratra** | |
| Miaina.<br>Mientana sy manentana.<br>Mivantana<br>*Ohatra : Ho avy ny Andron’ny Mpanorina. Efa vonona ve ise ?* | Tsianjery.<br>Maina (tsy misy matoanteny, tsy misy fietseham-po)<br>*Ohatra : Fankalazana ny 22 febroary eto amin’ny Faritany XXX.* |

*“Ahoana moa no hahazoan’ise sary*

*maneho hoe ho an’ny Tanora ny skotisma*

*nefa ny fakantsarin’ise mitodika amin’ireo olon-dehibe mikabary foana”*

*-- Représenter le Mouvement scout, 2006*

## Famaritana iraisana ny Tily eto Madagasikara

Tsy miova, manampy fehezanteny ao aoriana ny Faritany/Fivondronana/Sampana raha ilaina. Apetraka isaky ny manoratra fampilazana ho an’ny mpanao gazety, fampahafantarana, na amin’izay rehetra ilàna famaritana ny Tily.

- **Famaritana fohy indrindra** : “Ny Tily dia fanabeazana tanora skoto unionista zazalahy, sady mamolavola azy handray anjara hanorina tontolo tsara kokoa.”

- **Famaritana feno** : “Ny Tily dia fanabeazana tanora zazalahy unionistes (FJKM, FLM, EEM, METM, FMTA), araka ny fomba fanabeazana skoto efa nanorenan'i Baden Powell azy, sady mamolavola azy handray anjara amin'ny fanorenana tontolo tsara kokoa. Natao hanabe sy hikolokolo ireo zazalahy, amin’ny maha-olona feno hahatonga azy ireo ho Tanora Vavolombelon’i Jesoa Kristy, Olom-pirenena vanona, ary Andrin’ny Fianakaviana”

# Fomba fifantenana sary (SAY : Scout + Miasa/milalao + Tanora)

| **Fepetra** | **Singa jerena** |
|---|---|
| Tsy maintsy | Misy olona (beazina no tsara indrindra) |
| Tsy maintsy | Misy marika skoto |
| Tsy maintsy | Tsy mipaozy na mipetra-potsiny |
| Fara-faharatsiny 1 amin'ireto | Ankalamanjana |
| | Beazina mandray anjara |
| Fafàna avy hatrany raha eny | Mety hanala baraka ilay olona amin'ny sary na ny Tily ve ? (mitanjaka, mitomany, manao fihetsika mahamenatra, …) |
| **Vokany** | **Afaka zaraina amin'ny pejy ofisialin'ny Faritany/Fivondronana** |
| Fepetra fanampiny raha ho atolotra ho ampiasaina amin'ny sehatra nasionaly/iraisam-pirenena | Kalitao HD (mihoatra ny 1280px ) |
| | Tsy misy marika napetaka na namboarina (copyright, retouches loko tsy natoraly, …) |
| | Misy legende mazava tsara : iza no eo amin'ny sary? Taiza? Oviana? Iza no naka ny sary? |
| Raha manana sary mahafeno tsara ireo fepetra ireo ise ka tian'ise ho zaraina ho ampiasaina amin'ny sehatra nasionaly sy iraisam-pirenena dia ampidiro ato : [http://bit.ly/sarytily](http://bit.ly/sarytily) | |

*Atao inona fotsiny ary ireo sary be dia be avy amin'ny hetsika olon-dehibe

- Zaraina amin'ny groupes anatiny (Ekipa, MP-FIL, …) ahafahan'ny tsirairay mizara ny sariny
- Rehefa misy sehatra mahamety azy : amporisihina ny tsirairay hampiasa hashtag iraisana rehefa mizara azy raha tsapa fa tena ilaina izany.

## Fifandraisana amin'ny mpanao gazety

Raha misy fifandraisan'ny faritany amin'ny mpanao gazety na ny haino aman-jery dia amporisihina indrindra mba :

1. Hampiasa ny famaritana iraisana ny Tily (raha communiqué de presse dia soratana mitokana eny amin'ny farany)
2. Hampahafantatra mialoha ny DSS Foibe.
3. Hizara ny vokatra hita amin'ny DSS Foibe (lahatsoratra nivoaka, rohy, …)

**Antony** : Ankoatra ny onjam-peo misy isam-paritra sy fahitalavitra vitsivitsy dia saika misehatra manerana ny nosy na amin'ny renivohitra ny gazety sy haino aman-jery eto amintsika. Noho izany, ny "information" hifandraisan'ny faritany na ny fivondronana amin'ny haino aman-jery dia mety ho raisin'ny mpamaky/mpijery/mpihaino amin'ny sehatra nasionaly ho avy amin'ny Tily Eto Madagasikara foana (tsy misy fanavahana faritany)

*Ny mahatonga olona na vondron'olona hanohana hetsika na fironana iray dia miankina amin'ny fahafenoan'ireto fepetra ireto :*

1. *Misy fifandrasana ara-pietseham-po*
2. *Misy mpisehatra ivelany, to-teny aminy, maneho fanohanana : haino aman-jery, olo-malaza, ...*
3. *Fahitana vokatra mivaingana*

*(Torolalana fanetsehana ireo mpiara-miombona antoka, UNICEF Australie. 2015)*

# Fampiasana ny mari-pamantarana

Iray ny Tily. Tokony ho hita taratra amin'ny serasera rehetra ataontsika izany. Toy izao no hampiharantsika izany :

Iray ihany no mari-pamantarana ny Tily eto Madagasikara.

Ny sary marika Ravinala no mari-pamantarana iraisan'ny Tily rehetra manerana an'i Madagasikara. Io no ampiasaintsika, miaraka amin'ny mariky ny Skotisma manerantany, indrindra amin'ny taratasy ara-panjakana sy amin'ny serasera rehetra mety ifandraisana amin'ny olona ivelany.

Azo raisina ao amin'ny kit Faritany ny logos sy marika rehetra fampiasantsika.
https://bit.ly/KitFaritany

## Ireo fara-fahakeliny mila tandremana

Tazomina ny refy fa tsy hitarina

Tsy ovaina ny sary

Tsy ovaina ny loko

**Vakio ny torolalana momba ny aromarika scout.mg/symbole**

# Fitantanana ny serasera amin'ny internet

## Fandraisana anjara amin'ny www.scout.mg

Sehatra misokatra ho an'ny departemanta nasionaly rehetra sy ho an'ny Faritany Tily rehetra ny tranonkala http://scout.mg

Ireto avy no fepetra takiana :

1. Ny DSS isam-paritany no mifandray sy mandrindra miaraka amin'ny departemanta hitrandrahana izay ho avadika ho vokatra. Ny DSS no mandrafitra ny vokatra sy manamarina ny voalaza ao anatiny, sy mandefa azy amin'ny DSS Foibe rehefa nahazo fankatoavana amin'ny departemanta voakasika sy ny Filoham-paritany. Ny DSS Foibe no misivana ireo vokatra mahafeno ny fepetra rehetra ho afaka avoaka.
2. Amporisihina ny departemanta sy/ny Faritany hanolotra karazam-bokatra TSY fampitam-baovao fa hitrandraka endri-pamokarana hafa (jereo torolalana ery ambony)
3. Manaja ny tsipelin-teny ny vokatra atolotra. Ny rakibolana araka izay hita ao amin'ny http://tenymalagasy.org no fenitra iraisana amin'ny ankapobeny.
4. Misy loharanon-kevitra ofisialy azo antoka avokoa izay voalaza ao anatiny ary tononina ny loharano nanovozan-kevitra.
5. Halava fara-fahakeliny : teny 300 isa hatramin'ny 1500 isa.

## Fenitra fitantanana ny tambazotram-piaraha-monina

Ny Foibe ihany no mitantana ny serasera ofisialy Tily amin'ny serasera iraisam-pirenena araka izay voalazan'ny Fitsipika anatiny[1] : scout.org[2] ; twitter : instagram. Raha misy manana ho atolotra dia asaina hanatona ny DSS Foibe / IC.

**Faritany Tily Iray = Pejy facebook iray**

Ny Faritany kosa dia afaka mamelona ny serasera amin'ny sehatra hikatrohan'izy ireo amin'ny alalan'ny groupe sy/na pejy facebook. Pejy facebook iray ihany amin'ny anaran'ny Faritany ihany no tokony hisy ary avondrona ao ny hery.

---

[1] Araka ny Fitsipika Anatiny (Andininy 09) dia andraikitry ny Foibe no mitantana ny fifandraisana iraisam-pirenena rehetra.

[2] Ny tsirairay kosa amporisihina hampiasa scout.org amin'ny anaran'ny tenany manokana.

Tsy tokony hanana pejy na groupe na kaonty mitokana ny departemanta fa mivondrona ao amin'ny pejy ofisialy iray amin'ny anaran'ny Faritany.

**Endrika anarana amporisihana** : "Tily [anaran'ny faritany]" na "Tily Faritany [anaran'ny faritany]". Ohatra : Tily Atsinanana, Tily Analamanga Andrefana, …


**Fadiana** : ~~DSS~~ Faritany Tily Ambohitsitononina, ~~APF~~ Faritany Alavitra, Tily Ambohi ~~ofisialy~~ …

**Mpitantana (admins) fara-fahakeliny roa**

Ho fiantohana ny fiarovana ny kaonty ofisialy sy ho fitsinjovana ny fitohizan'andraikitra dia amporisihana ny Faritany hanana mpitantana pejy fara-fahakeliny roa. Tsy mifampizara teny miafina fa amin'ny alalan'ny fanendrena ara-teknika.

Efa manana fomba sy fitaovam-pitantanana manokana ho an'ny pejy ofisialy ny Tily eto Madagasikara, manasa ny Faritany hifandray amin'ny DSS Foibe.

Raha mahafeno tsara ireo fepetra ireo ny pejin'ny Faritany dia manasa an'ise hifandray amin'ny DSS Foibe.



Misy mila azy ve ny Faritany hafa ?
Eny
DSS ihany ve no mila azy any amin'ny Faritany hafa sa departemanta hafa koa ?
Ato isika no mizara vaovaom-paritany
Ny hafa koa
Ny olona TSY FILOHA TILY koa ve tokony hiresahana azy ?
Na tsy FILOHA TILY ary mety koa
Mety hahasarika olona tsy Tily ve ?
Na olon-tsotra ary mety ho liana
Alefa PEJIN'NY FARITANY !
afaka zaraina ato
Tily ihany
Groupe TILY ETO MADAGASIKARA :
Fifampizarana vaovao sy fifampizarana resaka Tily sy Skotisma amin'ny ankapobeny.
FILOHA TILY ihany
Groupe FILOHA TILY :
Fifanakalozana samy Filoha, Vaovao avy amin'ny Faritany natao ho an'ny Filoha
DSS ihany
DSS 2124 rehetra
Messenger "DSS 2124 rehetra":
Toromarika ho an'ny faritany rehetra, fanontaniana ho an'ny DSS faritany rehetra, fifampizarana maika ilàna fanampian'ny DSS rehetra
Departemanta Serasera (DSS)
DSS TILY (Miara-mitombo)
Groupe Facebook "DSS TILY (Miara-Mitombo)" :
Fifampizarana traikefa, fanontaniana, resaka teknika maha-DSS
Tsia
Alefa ao amin'ny messenger DSS [faritany] - Foibe :
Fanontaniana na vaovao ho an'ny Foibe irery

# Sehatr'asa maha-DSS

Ireto manaraka ireto misy ahitana soritra azo iaingana hamaritana fisin'andraikitra ho an'ny DSS. Mazava ho azy fa arakaraka ny zava-misy ao amin'ny faritany ny hamaritana azy amin'ny antsipirihany.

## Filohan'ny departemanta

**Famolavolana**

- Mitarika ny fampiharana ny politika nasionaly serasera Tily, manjohy ny fampiharana azy sy ny vokatra azo, manao ny tombana sy fanatsarana mitohy. Indrindra amin'ny sehatra iandraiketany avy.
- Miaro ny kalitaon'ny serasera sy ny Tily

**Fanohanana sy fandrindrana**

- Mikaroka sy mitarika ny fomba rehetra hanohanana sy hampivoarana ny seraseran'ny Faritany ao amin'ny sehatr'asa iandraiketany.
- Manohana sy mitarika ny fitrandrahana ireo fitaovana sy teknikam-piseraserana vaovao araka izay filana sy sahaza ny fikambanana. (visioconférences, base de donnees, innovations …)

**Fampandehanan-draharaha**

- Miantoka ny famokarana sy fanatanterahana ho an'ny sehatra misy azy (na faritany na nasionaly), ary tompon'andraikitra voalohany amin'ny kalitaon'ny vokatra mivoaka araka ny sehatrasa iandraiketany avy.

**Fivoaran-tena**

- Mianatra sy mikaroka hatrany fahaiza-manao/teknika/zava-baovao ao amin'ny sehatra iandraiketana.

**Fampandehanan-draharaha**
**DSS Nasionaly :**

- Misolo tena ny Tily eto Madagasikara (DSS) ao amin'ny Global Scouting Communication Network (GSCN)
- Mandrindra andavanandro ny fitantanana ireo fitaovan-tserasera numerika hitam-bahoaka : Page facebook Tily, groupe TILY ETO MADAGASIKARA, groupe FILOHA TILY, Linkedin, Twitter, Instagram, Page facebook Tranombitsika ...

## Mpandrindra ny serasera ivelany sy ny haino aman-jery

Tompon'andraikitra voalohany amin'ny serasera amin'ny haino aman-jery rehetra mitondra ny anaran'ny Tily eto Madagasikara.

**Famolavolana**

Manomana paik'ady mahasarika ny sarababem-bahoaka amin'ny haino aman-jery handresena lahatra ny fiaraha-monina fa ...

**Fanohanana sy fandrindrana**

- Manamora sy manampy ny fifandraisan'ireo ekipa Departemanta nasionaly na DSS Faritany amin'ny haino aman-jery rehefa ilaina izany.
- Mitarika fanamafisana fahaiza-manao ho an'ny ekipa DSS Faritany amin'ny resaka fifandraisana amin'ny haino aman-jery.

**Fampandehanan-draharaha**

- Veille et revue de presse: manaraka sy mandrefy ny fivoaran'ny fanehoana ny Tily amin'ny haino aman-jery, na amin'ny isa na amin'ny ventiny.
- Mitarika ny famokarana ny fandaharana "Iza no ho namanay", manomboka amin'ny famaritana ny lohahevitra ho avoaka, ny tournage, hatramin'ny fivoahan'ny episodes tsirairay ara-potoana.

## Mpandrindra ny serasera anatiny

Miandraikitra ny fampifandraisana ara-potoana ny Foibe sy ireto Faritany, mampiaina ny ekipa DSS Foibe ary mihaino sy manjohy ny fiaraha-miasa amin'ny DSS Foibe sy ny DSS Faritany.

**Famolavolana**

Mamolavola paikady hahatonga ny ekipa DSS Foibe, ny Ekipa DSS Faritany, hanana fiaraha-miasa miodina tsara sy ho "meme niveau d'information" foana sy hahatsapa ho tompon-draharaha.

**Fanohanana sy fandrindrana**

- Mandrindra ny fampitam-baovao sy ny serasera mivantana amin'ny Faritany ka tsy voarakotry ny tambazotran-tserasera numerika
- Manangona sy mampita vaovao/ filàna samihafa avy amin'ny Faritany ho an'ny Foibe sy/na ny Departemanta voakasik'izany

**Fampandehanan-draharaha**

- Mikarakara sy manomana ny fampitaovana ara-tserasera ampiasaina aloha, mandritra ary aorian'ny hetsika nasionaly
- Miandraikitra ny logistiquen' ny Departementa

**Santionany amin'ny vokatra andrasana**

- Manana Base de Données ho an'ny Ekipa Foibe, Ekipa Faritany, Komity Lehibe, Synodam-piangonana, Mpiara-miombon'antoka, Sampandraharaham-panjakana mpiara-miasa ... feno sy mirindra azon'ny departementa sy ny isan'ambaratonga rehetra ampiasaina
- Voaray sy voampita ara-potoana eny anivon'ny hiantefany ny vaovao

## Tonian-dahatsoratra

Tompon’andraikitra voalohany amin’ny famokarana sy ny kalitaon’ny vokatra an-tsoratra rehetra mivoaka amin’ny anaran’ny Tily eto Madagasikara.

**Famolavolana**

- Mandray anjara amin'ny famolavolana, sy fanatsarana mitohy ny politika nasionaly serasera, amin'ny lafiny famokaran-dahatsoratra.
- Mamolavola tari-dalana fampiharana ny politika nasionaly serasera tily amin'ny resaka famokaran-dahatsoratra sy "storytelling".
- Miaro ny kalitaon'ny famokaran-dahatsoratra mivoaka amin'ny anaran'ny Tily eto Madagasikara, na amin'ny endriny (tsipelina, hakanto, sns) na amin'ny ventiny (fanamarinana loharanon-kevitra na fact-checking)

**Fanohanana sy fandrindrana**

- Mikaroka fomba hahazoan'ny ekipa DSS Faritany fanamafisana fahaiza-manao amin'ny resaka famokaran-dahatsoratra sy storytelling.
- Manohana sy manentana ny Departemanta nasionaly amin'ny famokarana tahirin-kevitra kalitao
- Mamporisika sy mitsirika ireo lohahevitra afaka trandrahina ho lahatsoratra avy any amin'ny departemanta, faritany, na fivondronana.
- Mitarika sy manentana vondrona mpirotsaka an-tsitrapo amin’ny sehatra fandikan-teny sy fanoratana.

**Fampandehanan-draharaha**

- Tompon’andraikitra amin’ny famokarana ny communique de presse, manomboka eo amin’ny fanoratana azy, ny fitarihana ny fandikana azy amin’ny tenim-pirenena hafa raha ilaina, hatramin’ny fivoahany ara-potoana.
- Tompon'andraikitra amin'ny famokarana tahirin-kevitra tsara kalitao sy mamaly filàna ho an'ny [www.scout.mg](http://www.scout.mg) sy [www.scout.org](http://www.scout.org) , manomboka eo amin'ny famaritana ny lohahevitra ho soratana, ny fanaraha-maso ny kalitaony, ary ny fivoahany ara-potoana.
- Tompon'andraikitra amin'ny famokarana ireo vokatra an-tsoratra na ara-potoana sy ara-kalitao.

## Mpandrindra saripika (Editeur photo)

Tompon'andraikitra voalohany amin'ny famokarana sy ny kalitaon'ny sary mivoaka rehetra amin'ny anaran'ny Tily eto Madagasikara.

**Famolavolana**

Manomana torolalana sy torohevitra ho fanatsarana ny fomba fakana sary mifanaraka amin'ny ventin-kevitra voizin'ny Tily eto Madagasikara

**Fanohanana sy fandrindrana**

- Mitarika sy manentana vondrona mpirotsaka an-tsitrapo amin'ny sehatra fakana sary.
- Miara-miasa akaiky amin'ny Ekipa Faritany sy ireo mpirotsaka an-tsitrapo ny amin'ny fampiharana ny Politika Nasionaly serasera amin'ny lafiny sary eny anivon'ny Faritany tsirairay
- Misonga sy manivana ny sary avy amin'ny mpirotsaka an-tsitrapo sy ny Ekipa Faritany ho ampiasaina amin'ny fanehoana isan-karazany (OMMS, an-tambazotra, an-gazety, an-taratasy, …).

**Fampandehanan-draharaha**

- Miantoka ny fandrakofana an-tsary ny hetsika, miaraka amin'ireo mpirotsaka an.-tsitrapo.
- Mamatsy ara-sary ARA-POTOANA ny Ekipa DSS sy ny Departemanta hafa
- Manana sary tsara kalitao sy azo ampiasaina amin'ny sehatra rehetra: OMMS, an-tambazotra, an-gazety, an-taratasy

## Mpandrindra horonantsary (Editeur video)

Tompon'andraikitra voalohany amin'ny famokarana sy ny kalitaon'ny horonantsary mivoaka rehetra amin'ny anaran'ny Tily eto Madagasikara.

**Famolavolana**

Manomana torolalana sy torohevitra ho fanatsarana ny fomba famokarana horonantsary mifanaraka amin'ny ventin-kevitra voizin'ny Tily eto Madagasikara

**Fanohanana sy fandrindrana**

- Mitarika sy manentana vondrona mpirotsaka an-tsitrapo amin'ny sehatra famokarana horonantsary.
- Miara-miasa akaiky amin'ny Ekipa Faritany sy ireo mpirotsaka an-tsitrapo amin'ny fampiharana ny Politika Nasionaly serasera amin'ny lafiny horonantsary eny anivon'ny Faritany
- Misonga sy mifantina ny horonantsary avy amin'ny mpirotsaka an-tsitrapo sy ny Ekipa Faritany ho ampiasaina amin'ny fanehoana isan-karazany (OMMS, an-tambazotra, an-gazety, an-taratasy, …).

**Fampandehanan-draharaha**

- Mamokatra ireo horonantsary vokarin'ny TEM (na vokariny mivantana na amin'ny alalan'ireo mpirotsaka an-tsitrapo na amin'ny alalana *prestataire*)
- Miantoka ny fandrakofana an-tsarimihetsika ny hetsika ataon'ny Tily eto Madagasikara miaraka amin'ireo mpirotsaka an-tsitrapo.
- Mamatsy ara-horonantsary ny Ekipa DSS sy ny Departemanta hafa.

## Graphic Designer

Tompon'andraikitra voalohany amin'ny fiarovana ny fanajana ny charte graphique (Tily, OMMS) sy ny kalitaon'ny visuels mivoaka rehetra amin'ny anaran'ny Tily eto Madagasikara, na printy na numerique.

**Famolavolana**

- Mamolavola sy manatsara mitohy ny charte graphique an'ny Tily eto Madagasikara.
- Mamolavola lasitra mora ampiasaina sy izay fomba rehetra hanampy hampahaleo tena ny departemanta hafa amin'ny fanajana ny charte graphique amin'izay atao rehetra.

**Fanohanana sy fandrindrana**

- Miaro sy mampanaja ny charte graphique Tily eto Madagasikara sy OMMS.
- Mamporisika ny Faritany tsirairay amin'ny fananganana lasitra ary manara-maso ny fanajana ny charte graphique eo amin'ny visuels vokatra.

**Fampandehanan-draharaha**

- Mamokatra ireo visuels sy supports
- Manara-maso ny fanajana ny charte graphique ho an'ireo visuels tsotsotra vokarin'ny departemanta hafa.
- Miantoka ny fanajan'ny Tily ny charte graphique-n'ireo mpiara-miombona antoka aminy rehefa misy fampiasana ireo marikan'izy ireo, ary miantoka koa ny fanajan'izy ireo ireo marika Tily sy ny marika OMMS.
- Manao “assistance” ny Departemanta hafa sy ny Faritany amin'ny fampiasana ny marika.

# Checklist fifamindrana andraikitra maha-DSS

Ireto misy tari-dalana vitsivitsy ho fanamorana ny famindrana andraikitry ny DSS ahafahana manana antoka amin’ny fitohizan’ny asa ampirahalahiana hatrany na dia eo aza ny mety ho fiovam-pitantanana sy fiovan’ny olona manatanteraka ny andraikitra. Manentana manokana ny FP hanampy akaiky ny fiampitan' ireo fananam-pikambanana *numerique* nankinina amin'ny DSS isam-paritany ireo.

Alohan'ny hialan'ise, tsara ny manao lisitr'ireo fiaovana numerique rehetra nankinin'ny fikambanana tamin'ise

Ho an'ise handimby andraikitra. Hamarino raha efa tafiditra amin'ireto groupe/discussions ireto ise handray ny andraikitra vaovao :

- ☐ ✅ Discussion Messenger (DSS 2124 rehetra) : natao hiresahana vaovao maika sy fampitam-baovao, rehefa DSS dia afaka ampidirna ato fa tsy voatery hoe Filohan'ny departemanta irery
- ☐ ✅ Discussion Messenger "DSS Foibe<>[Faritanin'ise]" : antsika irery io (ekipa DSS Foibe sy Ekipa DSS Faritanin'ise), manana iray avy ny isam-paritany; ahafahanareo mifandray mivantana amin'ny DSS Foibe eo no eo rehefa ilaina izany.
- ☐ ✅ Groupe Facebook "Mi-Tily Sera$^2$ & DSS TILY (Miara-mitombo)" : groupe fifampizarana torohevitra sy fanamafisana fahaiza-manao natokana ho an'ny DSS. Tsy filazam-baovao ao fa resaka asa sy fomba fiasa no zaraina ao na fanontaniana. https://facebook.com/groups/2217329831912925
- ☐ ✅ Groupe facebook “Filoha Tily”: Groupe iraisan'ny Filoha rehetra amin'ny departemanta rehetra. https://facebook.com/groups/204781769691572
- ☐ ✅ Groupe “TILY ETO MADAGASIKARA (groupe)” : Fifampizarana vaovao avy any am-pivondronana any, amporisiho ny rehetra hizara matetika ao https://facebook.com/groups/tem001
- ☐ Ny adresse email an’ny faritany sy ny mot de passe

Page facebook: Hamarino ireto fenitra ireto

- ☐ 🔴 Anaty Business Manager Tily (manatona DSS Foibe)

- ☐ 🔴 Admins 2 na mihoatra: hamarinina tsara hoe efa voasolo avokoa
- ☐ 🔴 Tsy comptes fake/anonymes no admin (nominatif)
- ☐ 🟠 Crosspost
- ☐ 🟠 Anaran'ny pejy manaraka fitoviana
- ☐ "Tily [Anarana]" na "Tily Faritany [Anarana]"
- ☐ 🟠 Infos de la page feno tsara
- ☐ 🟢 Publication groupe TILY misosa be !
- ☐ 🟢 Publication des visiteurs desactivé (facultatif)

# Sehatra ahafahana manamafy traikefa

## Fahalalana


### Momba ny serasera amin'ny ankapobeny

- Wolton, Dominique. Informer n'est pas communiquer. CNRS, 2009.
- Journaliste et chargé de communication : deux métiers bien distincts.
- Loi de proximité (mort kilométrique)

### Momba ny serasera amin'ny skotisma

- Rafitra sy fomba fiasa amin'ny skotisma iraisam-pirenena
- Normes GSAT : Dimension 05xx Communication, plaidoyer et image de marque
- Stratégie de Communication et d'Engagements Stratégique
- Représenter le Mouvement Scout
- Manuel d'utilisation de la marque OMMS - version professionnelle

### Momba ny serasera eto Madagasikara

- Randriantavy L. Les impacts de la structure de la propriété des médias sur la couverture médiatique, la représentation politique et le travail du journaliste. 2016.
- Delcroix L. "Madagascar, le prix des mots." Libération, 17 octobre 2012.
- Internews. Etude sur le paysage médiatique à Madagascar. 2021.

### Momba ny serasera Tily eto Madagasikara

- Politika Nasionaly Serasera Tily. 2020.
- FIZIANTSIKA. Toromarika momba ny aromarika Tily. 2023
- Taridalana momba ny *digitalisation* ho an'ny Tily eto Madagasikara. 2024

# Fahaiza-manao

- **Fitantanana tambazotran-tserasera** :
    - Fiofanana anjotra: Facebook Blueprint, Hubspot academy
    - Fanarahana fivoarana : blogdumoderateur.com,
- **Protocoles** : DECRET N° 2007-479 Portant préséance protocolaire lors des cérémonies officielles.
- **Fahaiza-manoratra** :
    - tsipelina, haisoratra, voambolana, …
    - Fitantarana / Storytelling
- **Fanajana branding sy design** :
    - CRAP (Contraste, Répétition, Alignement, Proximité)
    - charte graphique
- **Serasera raha misy krizy**
- **Fahaizana manamarim-baovao (fact-checking)** :
    - fb.me/factivistes, verificationhandbook.com
- **Saripika / Horonantsary** :
    - règle des tiers, composition
    - Fandaminana sary : EXIF/IPTC
- Fitantanana tahirin-kevitra : archivage, fahaiza-mandamina fichiers, fampiasana métadonnées
- **Kirakira teknlojia** :
    - Bureautique, Internet, Intelligence artificielle (ChatGPT) …

**Seha-pibeazan-tena ho an'ny bandikely koa ny serasera !**



# Toe-tsaina enti-miasa

## Ho an'ny beazina

Fanabeazana no antom-pisian’ny Tily eto Madagasikara. Raha misy fomba afaka hanomezana sehatra ny Tily eny am-potony (Beazina, Mpiandraikitra) amin’ny asa rehetra atao dia izay no ezahina atao.

## Manorina mba haharitra

Vokatra ho lovain’ny any aoriana no mila sainina. Tsy ho an’ny telo taona ihany no iasana fa ho an’ny beazina, mihoatra lavitra noho ny fetran’ny mandat. Raha vokatra tokony ho afaka haharitra ela dia ezahina tsy asiana marika voafetran’ny andro mba ho afaka hifandovana aorian’ny taom-piasana.

## Ise/Isika tsy ho eo mandrakizay

Sainina amin’ny fomba fiasa rehetra ny ahafahan’ny mpiara-miasa na mpandimby any aoriana mandray ny asa atao (tracabilite, passation, sns). Ny resaka sy fifampitana toromarika rehetra ezahina ho any anatin’ireo discussions iraisana na asiana “tracabilite”.

Hisy ny fotoana mety tsy hahafahana, raha fantatra mialoha sy azo alamina mialoha dia manao passation foana, ary manome daty mazava ny amin’ny fotoana tsy ahafahana miasa mba ahafahan’ny binome manohy asa. Ilay kolotsaina mametraka mpandimby no velarina mba tsy ho singan’olon-tokana no jerentsika ho mpandimby fa rafitra afaka ho dimbiasana, tsy miantehatra amin’olon-tokana.

## Tsy misy avela ho taraiky (inclusion)

Sainina amin’ny zavatra rehetra atao ny ahafahan’ny maro an’isa misitraka ny vokatra avoaka. Atao laharam-pahamehana ny vokatra/fomba fiasa mitsinjo ny rehetra na manolotra vahaolana fanalefahana. Ohatra: Facebook, tsy mampiasa caracteres fantaisistes satria maro no mampiasa finday “tsy android” tsy mahavaky azy. Amin’ny fifaneraserana amin’ny ekipa dia hamafisina ny fampiasana sms/appel ho an’ireo tsapa fa tsy afaka mihazakazaka anaty internet, …

## Sarobidy ny fotoana

Manandanja be eo amin’ny asan’ny serasera ny fahamarinam-potoana. Misy karazan-javatra tsy lasa manimba serasera raha tsy amin’ny fotoana tena tandrify azy (tsy mety raha lasa aloha, tsy mety raha tara). Ary tena tsy azo atao intsony mihitsy vao tara kely na efa vita 99% aza nefa tara.

# Serasera ilaina

| * | Départemanta | Email |
|---|---|---|
| | Email ofisialin'ny Tily Eto Madagasikara | tily@scout.mg |
| APF | Aim-panahy sy Fitoriana Filazantsara | aimpanahy@scout.mg |
| BIR | Brigade d'Intervention Rapide | uir@scout.mg |
| CJ | Comité Jeune | tanora@scout.mg |
| DEF | Departemanta Fanofanana | fanofanana@scout.mg |
| DFAV | Departemanta Fandraharahana & Vola | botika@scout.mg |
| DFB | Departemanta Fanabeazana | fanabeazana@scout.mg |
| DFF | Departemanta Fotodrafitrasa sy Fiarahamiombon'antoka (Logistique) | fampitaovana@scout.mg |
| DFF | Departemanta Fotodrafitrasa sy Fiarahamiombon'antoka (Partenariats) | partenariats@scout.mg |
| DFF | Departemanta Fotodrafitrasa sy Fiarahamiombon'antoka / Tranombitsika | tranombitsika@scout.mg |
| IC | Fifandraisana Irasiampirenena (Commission Internationale) | international@scout.mg |
| ODK | Olon-dehibe, Kalitao sy firotsahana an-titrapo | olondehibe@scout.mg |

## Rohy fitrandraka

| | |
|---|---|
| www.scout.mg | Tranonkalan'ny Tily eto Madagasikara, ahitana tahirin-kevitra maro amin'ny teny malagasy |
| https://learn.scout.org/ | Tahirim-bokin'ny OMMS, ahafahana mitrandraka tahirin-kevitra sy ireo Politika Iraisam-pirenena nivoaka farany. |
| https://lms.scout.org | Fiofanana an-jotra avy amin'ny OMMS |

## FANDRAISANA AN-TSORATRA

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------



Tily eto Madagasikara
@tilyscout | www.scout.mg